



LAHATENIN'NY FILOHAN'NY VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MISAHANA NY FIFIDIANANA(CENI) NANDRITRA NY FIFANAOVAN-TSONIAM-PIARAHA-MIASA EO AMIN'NY CENI SY NY HETSIKA TAFITA ANDROANY ALAKAMISY 26 APRILY 2018 TENY NANISANA.

- Ianareo mpiara-mitantana ao amin'ny fikambanana TAFITA
- Ianareo mpikambana ao amin'ny birao maharitra ny CENI
- Ianareo mpiara-miombon'antoka rehetra
- Tompokolahy sy tompokovavy

Teo amin'ny fitadiavana ny mangarahara sy ny fanajana ny fahamarinana, dia niezaka araka izay tratrany ny CENI, mba hatokisan'ny mpiantsehatra rehetra ny zotrampifidianana:

1- Nosokafana amin'ny mpiara-miombon'antoka rehetra ny fitantanana ny zotrampifidianana: efa nandritra ny fotoana maharitra izay, no nisy sehatra fifampidinihina, amin'ireo antoko politika, ny fiarahamonim-pirenena ary ny mpanao gazety. Tato anatin'ny volana vitsivitsy dia efa misy, hatrany amin'ny Distrika rehetra eto amin'ny nosy izany.

2- Niezahina araka izay tratra ihany koa, ny hampangarahara ny lisi-pifidianana. Afaka nanamarina indroa teny amin'ny Fokontany ny mpifidy, ary izay afaka manao izany dia azo jerena amin'ny aterneto ihany koa ny anarana. Tato anatin'ny roa taona dia nitombo 3 hetsy sy 1 tapitrisa mahery ny mpifidy.

3- Nandray andraikitra ny CENI hanova sy hanatsara ny lalàm-pifidianana mba tena hanjaka tokoa, eo amin'ny fifidianana izay ataontsika, ny mangarahara sy ny fahamarinana.

Nantsoina hiara-hieritreritra sy hiara-handrafitra, ireo tolo-kevitra natolotra ireo manam-pahefana, ireo mpiara-miombon'antoka rehetra, ary mbola azo jerena ao anatin'ny tranonkalan'ny CENI mandraka ankehitriny ny vokatr'izany asa rehetra izany. Indrisy anefa, fa raha filaminana sy fandriam-pahalemana manodidina ny zotrampifidianana no notadiavina, korontana sy savorovoro no iainana eto amin'ny tany sy

firenena amin'izao fotoana izao.

Ny tantara no hitsara ny tsirairay avy amintsika mianakavy rahampitso: iza no mikatsaka tombontsoa manokana? Fa iza kosa no tena tia tanindrazana ka tena mitady

sy miaro ny tombontsoa ambony ny firenentsika?
Fa na nahoana na ahoana anefa, dia fenitra roa lehibe no tokony hajaina eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena:

1- Fahaizana mihaino ny besinimaro

2- Fanajàna ny Lalàm-panorenana sy ireo lalàna manan-kery.
Ny CENI dia miezaka hatrany nanaja ireo fenitra ireo teo amin'ny zavatra rehetra izay nataony.

Manaraka izany, dia tsy mitsahatra izahay ny mamerimberina fa raharahan'ny rehetra ny raharaham-pifidianana. Ny CENI dia natao ho mpikarakara sy ho mpitantana fotsiny ihany. Ary ny fiarahamonim-pirenena dia manana anjara toerana lehibe amin'izany. Manana adidy eo amin'ny fanaraha-maso ny fiarahamonim-pirenena, fa ihany koa manana adidy eo amin'ny fanaikana sy ny fitaizana ireo mpifidy. Ankehitriny ary, dia ankitsim-po no hanateranay fisaorana ho an'ny fikambanana TAFITA eo amin'ny tolo-tanana izay ataony amin'ny CENI, eo amin'ny fampanjariana ny zotram-pifidianana eto Madagasikara. Tompokolahy sy tompokovavy, ny tan-tsoroka izay ataonareo ny CENI dia adidy ataonareo eo amin'ny tanindrazantsika koa dia mahereza! Ho famaranana dia tsy hay ny tsy hisaoatra antiska rehetra, nahafoy fotoana nanome voninahitra izao raharaha izao. Manam-porofo izany fa miboiboika ao am-pontsika ny fampanjariana ny zotram-pifidianana sy ny fitiavan-tanindrazana.

Misaotra tompoko.